


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fiderana any An-tany Efitra

Aoka isika hanolotra sorom-piderana mandrakariva.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Tamin’izaho nanompo tao amin’ny tafika Britanika nandritra ny Ady Lehibe II, dia tany amin’ny tany efitr’i Afrika Avaratra aho. Ny lafiny ratsy iray amin'ny toe-piainana any an'efitra dia ny firongatry ny fimonomononana sy ny fitarainana. Nitranga imbetsaka teo amin’ny Isiraely izany, ary matetika no nitondra ny fitsaran’Andriamanitra sy ny tsy fankasitrahany azy ireo. Reraky ny tany efitra aho, ny sakafo, ary ny miaramila Britanika maniratsira ka nanomboka nitaraina aho. Rehefa nanao izany aho, dia very ny fahatsapana ny fanatrehan’Andriamanitra sy ny fitahiana.

Nanapa-kevitra ny hanokana andro manokana hifadian-kanina aho ary hanontany an’Andriamanitra hoe nahoana no toa niala tamiko ny Fanatrehany. Hoy aho, “Andriamanitra ô, nahoana no tsy manakaiky ahy Hianao? Nahoana aho no tsy maintsy manohy ity fiainana tsy misy fihovana, sy mandreraka ity tany an-tany efitra?” Nomen'Andriamanitra ahy ny valiny, rehefa hariva ny andro. Niteny tamiko mazava tsara Izy, nanao hoe, “Nahoana no tsy nisaotra Ahy ianareo? Nahoana no tsy nidera Ahy ianareo?” Rehefa nisaintsaina ny zavatra nolazain’Andriamanitra aho, dia tsapako fa very ny fahatsapako ny Fanatrehany satria nanjary tsy nankasitraka.

Tamin’ny fotoana mety, ny Fanahy Masina dia nitarika ahy ho amin’ny andalan-tsoratra samihafa amin’io andalana io, anisan’izany ny 1 Tesaloniana 5:16–19:

> “Mifalia mandrakariva. Mivavaha, ka aza mitsahatra. Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ho anareo. Aza mamono ny Fanahy.”

Averina indray, ny dikany dia raha tsy mifaly mandrakariva isika, mivavaka tsy mitsahatra, ary misaotra amin'ny zavatra rehetra, dia mamono ny Fanahy Masina! Tamin’ny fimonomononana sy fitarainana fa tsy nidera sy nisaotra, dia namono ny Fanahy Masina teo amin’ny fiainako aho.

© 2008 - Dries Du Plessis

Manantena antsika Andriamanitra mba hanolotra sorona fiderana tsy tapaka avy amin’ny molotsika — fa tsy avy ao am-pontsika fotsiny. Tsy maintsy manao feo fiderana isika amin’ny fisaorana ny anaran’ny Tompo!

Misaotra Anao, Tompo ô. Omeko Anao ny fiderana. Manambara aho fa tsy mamono ny Fanahy fa mifaly mandrakariva, mivavaka ka tsy mitsahatra, ary misaotra amin'ny zavatra rehetra. Hanatitra fanati-piderana mandrakariva aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-362-MLG
Nohavaozina farany: 31 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

